**MIRA**
FITAOVANA AMPIASAINA

Fanampiana ny Diosezin'i Morombe sy ny Province MSF any Madagasikara

Ny Misioneran'ny Fianakaviana Masina avy aty Soisa, efa niasa am-polo taonany maro tany Madagasikara sy mbola manohy izany, nanorina (nanangana) foto-drafitr'asa maro ao amin'ny diosezin'i Morombe.

Ny tanjon'ny **MIRAY** dia ny hampaharitra hatrany ny be efa vitan'ny misionera. Anisan'izany ny fanohanana ara-bola ny Province MSF Malagasy sy ny diosezin'i Morombe. Ireo teti'asa ireo dia ampiasana vola hatrany amin'ny 168.000 CHF isan'taona :

- Ho famelomana sy fanitarana ny foto-drafitr'asa efa misy
- Ho saram-pianarana ho an'ny fianakaviana sahirana nefa maro anaka
- Ho famolavolana ny mpampianatra na lahy na vavy
- Ho fikarakarana mikasika ny fitsaboana ao amin'ny sekoly

Ankoatr'ireo dia 96.000 CHF hafa ihany koa no alefa ho an'ny Province MSF Malagasy ho an'ny fanabeazana (na famolavolana) ny tanora miditra araka ny tanjona kendrena efa voalaza etsy ambony sy ho an'ny foto-drafitr'asa sy ny fitaovana samihafa toy ny fiarakodia.

Ireo fanampiana ara-bola roa tonta ireo dia samy tantanan'izy roa mizaka tena izay marihina fa mihena isan'taona 12.000 CHF ho famporisihana mankany amin'ny fahaleova-tena ara-bola sy mba ho fitomboana ny vola azo ampiasaina ho an'ny tanjona hotratrarina.

## Fanohanana momba ny tetika kendrena

Ny fanohanan'ny tetika hotratraina no mikendry ireo tanjona manaraka ireo :

· Ny olona any Madagasikara tokony hikatsaka marina izay hanatsara sy hampivoatra tena sy maharitra eo amin'ny fiainany andavanandro

· Ny fampianarana indray dia mila manome ny fahalalana ilaina sy fisainana manakiana ka hivoatra. Mba ho tratra izany tanjona izany dia mila famolavolana tena mifanaraka amin'izany tanjona izany ny mpampianatra.

· Fanampiana ara-bola sy araka ny tanjona no omena, mba afaka hanatsarana tena (tsirairay) sy haharitra ny fiainany.

· Ny misionera malagasy ampiana hahatsapa fa mila hampandroso bebe kokoa ny fifandraisana ara-piarahamonina sy ny asa fanasoava-namana. Noho izany mila fanofanana mba ho olon'ny fifandraisana ara-piarahamonina;

ho olon' ny fiharian- karena,
ho olona manam-pahaizana manokana momba ny teknika,
ho olona mahay manorina trano sy
ho olona mahay lalana.

**Indro ny efa vita:**

- Fiompiana vorona any Toliara
- Fanorenana sekoly secondaire any Iavomanoro Ambalavao
- Fampitaovana ny sekoly primaire anankiroa any ambanivohitry ny Toliara
- Fanampiana hanamboarana fiangonana ambany vohitry ny Ankaramena

**Fandaminan'ny MIRAY**

- Ny misionera MSF malagasy no anisan'ny MIRAY ka entin'i. P. Richard Randrianasolo, izay manolotra ny tetika amin'ny komity mpitantana ny MIRAY. Miaraka amin'ny votoatin'ny tetika amin'ny antsipiriany tsy maintsy misy ny tanjona, fahalalana andraikitra, sy tetibola.

- Ny Komitin'ny Miray no miantoka ny fanatanterahana ny tetika sy manaiky ireo fitaovana ilaina.
- Ny anisan'ny Miray no miantoka ny fanatanterahana ny tetika sy manome tatitra ara-dalana sy ny fanatontaliana an-tsipiriany.
- Ny Komity no misava ny fandrosoan' ny tetikasa, raha ilaina ao an-toerana misy azy.
- Ny Komity sy ny anisan'ny Miray miasa tsy andoavam-bola (maimaimpoana). Ny saran-dalana ihany no iantohana.